

**CENI/SEA/DIREELCOM/SCRP – 002 – 18**

## **FAMPITAM-BAOVAO**

**Antananarivo, 16 janvier 2018**

Roa herinandro sisa dia hifarana vonjimaika ny fisoratana anarana ao amin'ny lisi-pifidianana, fisoratana anarana izay hahazoana ny lisitr'ireo mpifidy hiatrika ny fifidianana vinavinaina amin'ity taona 2018 ity. Amin'ny maha zava-dehibe ny fandraisan'ny olompirenena anjara amin'ireo dia hanamafy ny fanentanana ny CENI miaraka amin'ireo filohan'antoko politika. Misy ny sehatra ifampidinihana miaraka amin'ireto farany mandritra ny 3 andro mifanesy : ny 16,18 ary 18 janoary 2018.

Miompana amin'ny fizaram-baovao mikasika ny fivoaran'ny fanavaozana isan-taona ny lisi-pifidianana ity sehatra ifampidinihana ity, izay tohanan'ny fiarahamonina iraisam-pirenena, amin'ny alalan'ny tetik'asa SACEM (Soutien au Cycle Electoral de Madagascar). Ny fampidirana ireo mpifidy vaovao na nifindra monina sy ny fanesorana ireo mpifidy tsy tokony ho ao anaty lisi-pifidianana intsony no asa atao amin'izany.

Nambaran'ny Filohan'ny CENI tamin'ny fihaonana ny 16 janoary fa : « mbola vitsy ny taham-pisoratana anarana anaty lisi-pifidianana amin'izao fotoana izao. Noho izany toe-javatra izany indrindra no nahatonga ny CENI sy ny mpiaramiombonantoka hampandray andraikitra ireo lehiben'antoko politika, amin'ny fanentanana ny olon'izy ireo hisoratra anarana ao anaty lisi-pifidianana. Ary koa hampahafantatra azy ireo fa manan-jo tanteraka hiditra ho mpikambana ao amin'ny vaomiera ifotony mpanisa mpifidy na ny C.L.R.E izy ireo. Isan'ny mandray anjara feno amin'ny fanaraha-maso ny fikirakirana ny lisitra sy ny famaranana vonjimaika ny lisi-pifidianana, miaraka amin'ireo mpikambana ao amin'ny CLRE ihany koa ireo filohan'antoko politika».

Mpifidy vaovao miisa 323 979 no voarakitry ny CENI ao anaty lisi-pifidianana hatramin'ny fanombohan'ny fanavaozana isan-taona ny lisi-pifidianana ny 1 desambra 2017, raha toa ka 777 082 no andrasana hanatrarana ny mpifidy 10 tapitrisa kendrena. 453 103 araka izany ny olom-pirenena mbola andrasana hisoratra anarana ka nahatonga ny CENI hanetsika ireo mpisehatra rehetra amin'ny fifidianana toy ny fiarahamonim-pirenena sy ireo sefom-pokontany ary ireo antoko politika.

Nanamafy hatrany ny fanohanana ny fiarahamonina iraisam-pirenena ny zotram-pifidianana ny solontena maharitra ny PNUD eto Madagasikara, Violette Kakyomya. Nanipika ihany koa ny mahazava-dehibe ny anjara asan'ireo mpitarika politika amin'ny fampandraisana anjara ny olompirenena hisorata anarana ao amin'ny lisi-pifidianana ary koa handatsaham-bato amin'ny andron'ny fifidianana.

Tafiditra ao anatin'ireo fihaonana marolafy izay efa nataon'ny CENI niaraka tamin'ireo mpisehatra rehetra amin'ny fifidianana, nanomboka tamin'ny taona 2016

izao sehatra ifampidinihana izao. Ireo mpisehatra, izay manana andraikitra lehibe amin'ny fanentanana ny mpifidy mandritra izao zotram-pifidianana diavina izao.